**TATITRA HO AN’NY FIRAISAMONIMPIRENENA SY NY OLOMPIRENENA**

**VONDRON’IREO NANATANTERAKA NY FANAMORANA AVY AMIN’NY ALLIANCE STRATEGIQUE DE L’EDUCATION SY NY ONGI**

**Fikaonan-doha nasionaly ho an’ny fanovana ny rafi-pampianarana, aogositra 2022 tao Antananarivo**

**FANOVANA NY FANABEAZANA (TES) : Firotsahana an-tsehatry ny mpisehatra rehetra ho famaliana ny fanambin’ny fanovana izay tsy maintsy hatrehin’ny fanabeazana**

Ho fanomanana ny Fihaonamben'ny Fanovàna fanabeazana (TES) izay hatao any New York ny 19 septambra 2022, mba hamantarana ny fanovana natomboka tao amin’ny politikan’ny fanabeazana ho fanonerana ny fahataran’ny fanatontosana ny (Fandrosoana lovain-jafy faha4) ODD4 sy handinihina indray ny hoavin’ny fanabeazana. Madagasikara dia nikarakara ny fikaonan-doha nasionaly ho an’ny fanovana ny rafi-pampianarana ny 1 sy 2 aogositra 2022 teo tao amin’ny CCI IVATO nialohavana fakan-kevitra teny anivon’ny faritra 23. Nihetsika avokoa ireo mpisehatra avy amin’ny fanjakana sy tsy miankina izay miasa mivantana na ankolaka amin’ny fanabeazana. Notanterina nandritra ity « Forum » ity ny vokatra azo tamin’ny fakan-kevitra, izay notarihin’ireo minisitera telo miandraikitra ny fanabeazana. izany fampitana izany dia  nisy natrehina mivantana fa nisy koa ny ampitain-davitra. Na izany aza dia mbola voafetra ihany ny afaka nanatrika izany nefa ny fanabeazana dia fananana iombonan’ny rehetra ary mahakasika ny daholo be.

Ny firaisamonim-pirenena miasa amin'ny sehatry ny fanabeazana, nisy fisoloan-tenan’ny « Alliance strategique pour l’Education » sy ny ONG iraisam-pirenena, dia nandray anjara lehibe tamin'ny fikarakarana sy fitondrana ny fakan-kevitra tamin'ny alalan'ny « focus group » sy fanadihadiana eny ifotony teny anivon’ny faritra 23 sy distrika 114. Nnadritry ny roa andro izay nikatrohana no niantohan’izy ireo ny fandrindrana ny lalan-kevitra 5 (5pistes d’actions) teto Madagasikara ary nanaiky ny hanaraka akaiky ny fanatanterahana ny tohin’ny finiavana nasionaly (engagement national) izay nivoaka nandritra ity dinika ity.

Ny paikady naroso, ny lalan-kevitra ary ny finiavana nasionaly ho amin'ny fanovana rafi-panabeazana izay nofaritana, dia ny:

**- Lalan-kevitra 1: Sekoly mampiaty, tsy mitanila, azo antoka ary salama**

• Fampiatina: “Fiofanana ho an'ny mpampianatra momba ny « pedagogie inclusive », fananganana fotodrafitrasa mampiaty ary fampiharana ny fenitra amin'ny rafi-pampianarana sy fampianarana rehetra”

• Fitoviana: “Politikam-panabeazana mamaly ny filàna eny ifotony, fitsinjarana ara-drariny ny loharanon-karena ary fampiharana ny lalàna”

• Fahasalamana sy fampisakafoana eny an-tsekoly: « Fampiharana ny maodely « cash transfer », fanomeza andraikitra ny ray aman-dreny amin’ny alalan’ny fanabeazana azy ireo sy ny fampiarahana amin’ny hetsika fanabeazana iarahana amin’ny firaisamonim-pirenena »

• Fandriampahalemana: “Fiaraha-miasa eo amin’ny mpisehatry ny fanabeazana sy ny tompon’andraikitra misahana ny fiarovam-pirenena. ary fampandraisina andraikitra ny ray aman-dreny amin’ny alalan’ny fanabeazana azy ireo ary koa fiaraha-miasa amin’ny hetsika fanabeazana miaraka amin’ireo fikambanan’ny fiarahamonim-pirenena”

• COVID-19: "Ampiasao ny mpianatra ho toy ny fitaovam-panampariaham-baovao sy fifandraisana amin'ny fepetra fisorohana amin'ny COVID, tohizo ny fanaraha-maso ara-pahasalamana natao nandritra ny vanim-potoanan'ny COVID (famolavolana lesona amin'ny Radio sy TV), fanapariahana amin'ny loharanom-panabeazana ary ny lazany ho an'ny rehetra »

**Lalan-kevitra faha 2: Fianarana sy fahaiza-manao ho an'ny fiainana, asa ary fampandrosoana maharitra**

• Fanatsarana ny kalitaon’ny fanabeazana sy ny fitantanana ny sekoly amin’ny alalan’ny fanamafisana ny fandraisan’anjaran’ny fokonolona eo anivon’ireo fikambanana eo an-toerana toy ny FEFFI sy ny FRAM ary ny andrim-panjakana ambony misy azy.

• Mampiroborobo ny fampiasana fitaovana maro samihafa izay novokarina teo an-toerana amin'ny fampiharana teknika vaovao sy ny fampivoarana fitaovana pedagojika sy hay fampianarana.

• Ampifanarahina amin'ny toekarena eo an-toerana ny famoronana sy fanofanana tobim-piofanana arak'asa.

• Famolavolana mialoha ny fahaiza-manaon’ny olona novolvolain’ny fanabeazana sy ny famolavolana ny harena miorina amin’ny olombelona araka ny fivoaran’ireo asa tokony hiroborobo eo amin’ny faritr misy azy

• “Miantoka ny fiarovana amin'ny karazana herisetra rehetra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, indrindra indrindra ny herisetra ara-nofo sy fanararaotana”.

• Mampivelatra ny fahaiza-manao transversal amin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny ambaratonga rehetra, indrindra fa ny momba ny fampandrosoana ny tena manokana, ny fahaiza-miaina, ny fandraharahana, ny teknolojia nomerika ary ny fampandrosoana maharitra.
• "Mampivelatra fiaraha-miasa eo amin'ny foibem-pampianarana sy ny sehatra tsy miankina amin'ny dingana fanofanana sy fampidirana matihanina".
• "Mba ho fitandroana ny haren-java-boahary eto amin'ny Nosy sy fanomezana tontolo maharitra ho an'ny taranaka fara aman-dimby, dia ampidirina ny soatoavina, ny fitondran-tena ary ny fanao tsara amin'ny fihetsika ara-tontolo iainana amin'ny alalan'ny votoatim-panabeazana ivon'ny fampianarana ara-dalàna sy mandritra ny fanabeazana ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana".
• hamporisihana ny fanavaozana ara-toekarena sy ara-tontolo iainana, ary entanina sy tohanana ireo tanora vao misondrotra amin'ny famoronana orinasa maitso sy mitrandraka ny tanjaka eny amin'ny faritra".
• hamporisihana ny famoronana sy ny fandraharahana eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana, manentana sy manohana ireo tanora vao misondrotra amin'ny famoronana orinasa maitso hitrandraka ny tanjaky ny faritra.
• Hamafisina ny finiavana ara-politika sy ny fiaraha-miombon'antoka maharitra ho an'ny tena fanovana ny fanabeazana momba ny tontolo iainana sy ny fiantraikan'izany amin'ny sarambabem-bahoaka.

**- Lalan-kevitra faha 3: Fianarana sy fanovana nomerika**

• Miantoka ny fampizarana ny tontolon'ny asa nomerika.

• Mampiroborobo ny fiaraha-miasa amin'ireo mpandraharahan'ny fifandraisandavitra, ny minisiteran'ny Fampandrosoana nomerika, ny fanovana nomerika, ny paositra sy ny fifandraisan-davitra, ary ny minisiteran'ny angovo sy ny akoran'afo ary ny sehatra tsy miankina mba ho taka-bidy sy ho an'ny rehetra

• Manofana mpampianatra sy mpampiofana ary manohana azy ireo amin'ny fampiasana ireo loharano nomerika amin'ny fampianarana (video, sehatra nomerika, sns.)

• Manentana ny ray aman-dreny hanaraka ny fanavaozana ara-pedagojika.

• Mametraka rafitra ara-dalàna mifehy ny fiarovana sy ny fampiasana nomerika.

**Lalan-kevitra faha-4: Mpampianatra, fampianarana ary ny asa fampianarana**

**Ho an'ny fampiofanana:**

• Fiofanana mifototra amin'ny fahaiza-manao

• Fampiroborobona ny fiofanana mitohy mba hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpampianatra efa amperin'asa

• Mampahomby ny politikan'ny fahafaha-miasa eo amin'ny sehatry ny fampianarana ambony sy ny fampianarana teknika ary ny fanofanana arak'asa

**Ho an'ny fandraisana mpampianatra**:

• Atokana ho an'ny mpampianatra ny asa fampianarana

• Atao amin'ny alalan'ny fifaninanana

• Manao rafitra hampisy lenta ny diplaoma eny amin'ireo sekoly fanofanana

• Fitsinjarana ireo mpampianatra recruté

• Ampifanarahana ny traikefa sy ny andraikitra sahanin'ny mpampianatra

• Tokony hanana mari-pahaizana BaC fara-fahakeliny vao afaka mampianatra eny amin'ny ambaratonga fototra ao anatin'izany koa ny FRAM

• Atao manara-penitra sy matihanina ny mpampianatra: fandraisana mpiasa mifototra amin'ny fahamendrehana (Tsy misy médecin FRAM)

**Ho an'ny fitondrana**:

• Mampihatra lahatsoratra/lalàna efa misy

• Miandraikitra ny fitsinjarana ireo mpampianatra eran'ny nosy

• Mitsinjara ara-drariny ireo mpampianatra manana traikefa, araka ny filan'ny faritra tsirairay, indrindra ny any ambanivohitra.

• Mampiroborobo ny fandraisana anjaran'ny CTD

• Manome lanja ny fahaiza-manao notovozina avy amin' ny traikefa

• Tsy atao fitaovana politika ny fampianarana

• Averina indray ny fanaraha-maso ny fomba fampianarana (inspection pédagogique)

• Mandrisika ny mpampianatra: fandrakofana ara-tsosialy, alignement indicaire, alignement indiciaire, développement de carrière, système de gratification

• Miantoka ny fandoavana ara-dalàna ny karaman'ny mpampianatra

**Lalan-kevitra faha-5: Famatsiam-bola ny fampianarana**

• Manetsika ireo loharanom-bola eny ifotony

•Atao laharam-pahamehana ny fanabeazana amin'ny famatsiam-bola

• Hamarino ny fampiasana ny loharanon-karena

• Manangana rafitra famatsiam-bola avy amin'ny hery velona rehetra

• Manangana tahirim-pampianarana eo an-toerana

**- Fanambaran'ny Tanora**

Ankoatra ireo lalan-tsaina dimy ireo, dia nisy delegasiona nahitana tanora anaty fikambanana sy firaisamonim-pirenena, nivory sy nandrafitra fanambarana momba ny fanabeazana. Nilaza izy ireo fa zava-dehibe ny:

• Fanaovana ho laharam-pahamehana eo amin'ny politikam-pirenena
• Hajaina sy ampiharina ireo andinin-teny sy lalàna manan-kery
• Tsy atao fitaovana politika ny fampianarana
• Omena hasina ny asa fampianarana
• Hampisitrahana aterineto sy ireo teknolojia nomerika ny rehetra
• Hajaina ny foto-kevitry ny fitohizan'ny raharaham-panjakana
• Hamoraina ny fampiharana ny lalàna momba ny fanabeazana ary hampiharina ny PSE

Ary amin'ny maha-olom-pirenena malagasy azy ireo, dia manolo-tena ireo tanora ny handray anjara amin'ny fametrahana fanabeazana ho an'ny rehetra, tsara kalitao sy manara-penitra, amin'ny alalan'ny fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena mahakasika ny fanambarana izay nataon'izy ireo.

Ireo singa manan-danja amin'ny fanovana ny fanabeazana izay handafitra ny famintinana ny Fihaonamben'ny Fanabeazana sy ny antson'ny Sekretera jeneralin'ny Firenena Mikambana ho amin'ny hetsika dia efa voafaritra, ary ny finiavana nasionaly ho amin'ny fanovana ny fanabeazana dia efa voasoritsiritra ary handalo Filankevitry ny Governemanta tsy ela.

CCOC
Collectif des Citoyens et des Organisations Citoyennes

DINIKA SY RINDRA HO AN'NY VEHIVAVY
DRV

JCI Antananarivo

JCI Iarivo

IVORARY
INTEGRITY FOR DEVELOPMENT

ROHY 1
Rindran'ny Olompirenena Hiarovana ny Iaraha-manana

Femmes AFricaines Elites de Demain
- MADAGASCAR -

JAI association

TRANSPARENCY INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR

"Hianatra aho mba handreseko ny fahantrana, ASAMA"
SEKOLY
PACA Plate forme des Associations Chargées d'ASAMA et post ASAMA

MoNEPT
Mouvement National pour l'Education Pour Tous

ONG Ravintsara

KOZAMA

SCORE
Suivi Citoyen par les OSC de la transparence et la Redevabilité de l'Education

Aide et Action devient
ACTION EDUCATION

EDUCATION NETWORK

MSIS tatao
tohana sy ainga ho an'ny tambazotran'ny olompirenena